142 Mitoria Amin'ny Karazan'olona Rehetra
(1 Timoty 2:4)

1. Andao hanahaka an'i Jehovah,
   'Zay tsy manavaka fa tsara toetra.
   Tsarovy fa tsy misy tiany ho very
   Ireo karazan'olona rehetra.

(*AVERINA ISAN'ANDININY*)
Ka ny zava-dehibe
Tsy ny bika na tarehy,
Fa ny fo 'zay mitepo anatiny ao.
N'iza n'iza io dia ampio,
N'aiza n'aiza itorio
Hoe: "I Jehovah te ho namanao!"

2. Ny toerana misy azy aza jerena,
   Tsy mampaninona izay fitafiany.
   Jehovah no mahita ny ao am-po,
   Ny maha izy azy sy 'zay mba iriny.
(*Averina isan'andininy*)

3. Raha misy tapa-kevitra ny hiova,
   Jehovah mbola vonona ny handray.
   Koa ny karazan'olona rehetra,
   'Ndao hitoriana, hampiana tsirairay.
(*Averina isan'andininy*)

© 2015 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

(Jereo koa ny Jaona 12:32; Asa. 10:34; 1 Tim. 4:10; Tit. 2:11.)